## ZATOVO

# Manompo ny hafa amim-pinoana

Niteny tamintsika ny Filoha Uchtdorf fa ny finoantsika an'Andriamanitra dia *tsy maintsy* "arahina asa." Rehefa "arahina asa tsy tapaka" ny finoantsika araka ny fanazavany, dia "mameno . . . fiadanana sy fitiavana ny fanahy." Araka io fitahiana nampanantenaina io dia *afaka* mitondra fiovana isika, ary afaka mahita izany eo amin'ny fiainantsika rehefa manokana fotoana hanaovana asa fanompoana feno finoana. Afaka mivavaka isa-maraina ianao mba hangataka ny fanampian'ny Tompo eo amin'ny fanompoana ny hafa. Ohatra angataho Izy mba hampiseho anao ny fotoana ilan'ny iray tampo anankiray fanampiana na ny fotoana ilan'ny namana iray fandokafana. Rehefa mandray bitsika ianao avy eo dia raiso ny andraikitra! Raha ataonao fahazarana ny manao ireo vavaka ireo sy io asa fanompoana io dia hitahy ny fiainanao sy ny fiainan'ny hafa ny asa feno fahatokiana sy tsy tapaka ataonao. Mampanantena ny Filoha Uchtdorf fa "afaka manova ny olona tsirairay, ny fianakaviana sy ny firenena ary izao tontolo izao" ianao.



## HO AN'NY ANKIZY




# Fahatokiana

Andramo miaraka amin'ny namana iray ity asa atao ity. Mila matoky sy manaraka tsara ny fitarihany ianao.

Mihazòna penina na pensilihazo eny antananao ary akipio ny masonao. Avelao ilay namanao hilaza aminao hoe aiza no tokony hanaovana ny sarin'ny maso, ny orona, ny vava ary ny volo eo amin'ilay tarehy. Dia jereo avy eo. Manao ahoana ilay izy? Azonao lokoina ilay tarehy ary afaka manao sarina tarehy iray hafa ianao mba hilalaovana indray!

Sarotra indraindray ny manaraka torolalana. Saingy rehefa miezaka manaraka ny Ray any An-danitra isika amin'ny alalan'ny fihainoana ny Fanahy Masina dia hanampy antsika Izy. Afaka matoky Azy foana isika.



TAREHY © ISTOCK/GETTY IMAGES